Rindran'ny Olom-pirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

**La lutte contre la corruption en danger**

La société civile malagasy s'inquiète des conséquences négatives pour la lutte contre la corruption à Madagascar qu'aurait l'adoption du projet de loi n°014/2016 du 02 juin 2016 portant sur la création d'une Cour spéciale en matière de délinquance économique, financière et fiscale .

N'ayant fait l'objet d'aucune consultation des acteurs impliqués dans la lutte contre la corruption préalablement à son approbation en Conseil des Ministres, ce projet de Cour spéciale met en danger les efforts entrepris ces derniers mois visant à renforcer le cadre juridique de la lutte contre la corruption à Madagascar.

Le fait qu'aucune concertation n'ait été engagée lors de sa conception est d'autant plus problématique que ce projet de loi prétend participer au processus de réconciliation nationale, dont l'issue est d'intérêt pour l'ensemble du peuple malagasy.

La volonté de rendre non-amnistiable les infractions économiques, financières et fiscales entrant dans le cadre de la réconciliation nationale est louable. S'il revient à la justice de traiter ces infractions, les Pôles Anti-Corruption (PAC), qui seront prochainement institués, seront cependant parfaitement à même de traiter ces affaires de façon compétente et impartiale. Si, à l'inverse, la vocation de cette Cour spéciale est de mettre un terme aux différends d'ordre économique, financier et fiscal directement liés aux évènements politiques de 2002 à la fin de la Transition dans un esprit de conciliation, un outil de médiation entre les parties impliquées sous l'égide du Conseil du Fampihavanana Malagasy serait une réponse plus appropriée que la création d'une juridiction spéciale.

En l'absence de dispositions assurant leur impartialité, les décisions de justice qui émaneraient de cette Cour spéciale, dont les compétences attribuées sont par ailleurs disproportionnées en l'état actuel, seraient en effet entachées de doutes, ajoutant du discrédit à la justice déjà tant décriée dans ce pays.

Pour ces raisons, et afin de rendre possible la large concertation des acteurs qui a jusqu'ici fait défaut sur le bien-fondé de ce projet de loi, les organisations de la société civile signataires de ce communiqué réclament son retrait de la session parlementaire en cours.

Antananarivo, ce 29 Juin 2016

*Les OSCs signataires de ce communiqué sont composées d' OSCs au sein du Mouvement ROHY et trois OSCs partenaires (Transparency International Initiative Madagascar , ONG IVORARY, AIFM )* :

**TI IM, ONG IVORARY, AVG, MSIS TATAO, KMF/CNOE, OPTA, GTZ-IHOSY, CCOC, PFNOSCM, CNPFDH, ONG SAHA, CNFM, MALAGASY ENVIRONNEMENT, ONG RAVINTSARA, VMLF ANALAMANGA, SIF, FIANTSO , CITE, TAFO MIHAAVO, RESEAU SOA , SAF /FJKM, AIFM, FTMF,TNMF, PSBED, MIFAMA, ACA-MADA, MAMIFA, ILONTSERA**

Rindran'ny Olom-pirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

**Tandindomin-doza indray ny ady amin'ny kolikoly !**

Manahy ny mety ho voka-dratsy hateraky ny fanekena ilay volavolan-dalàna mamaritra ny fananganana ilay Fitsarana manokana antsoina hoe "Cour spéciale en matière de délinquance économique, financière et fiscale" (laharana 014/2016 du 02 juin 2016) ny firaisamonimpirenena Malagasy.

Tsy nisy akory ny fanangonan-kevitr'ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny ady amin'ny kolikoly tamin'ny fandrafetana ity volavolan-dalàna ity mialohan'ny nanolorana azy teo anivon'ny Filan-kevitry ny Ministra ka tandindomin-doza avokoa ireo ezaka rehetra natao tato anatin'ny volana maro nentina nanamafisana ny rafi-dalàna mifehy ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara.

Raha lazaina fa tafiditra ao amin'ny dingana ho amin'ny fampihavanam-pirenena ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka malagasy ity volavolan-dalàna ity, ny tsy fisian'ny fiaraha-mikaon-doha nandritra ny fandrafetana azy dia mifanohitra sahady amin'izany fampihavanana izany ka mety hiteraka olana indray aza.

Ao anatin'ny fampihavanam-pirenena dia mendri-piderana ny fahavonona tsy hamela ny hisian'ny famotsoran-keloka ho an'ireo heloka ara-toekarena, ara-bola sy ara-ketra (infractions économiques, financières et fiscales). Raha anjaran'ny Fitsarana ny misahana ireny heloka ireny dia ny "Pôles Anti-Corruption (PAC)" izay hapetraka tsy ho ela no tena afaka hitsara ireny raharaha ireny noho ny traikefany sy ny tsy fiandaniany. Raha ohatra kosa anefa ka ny hanatsaharana ireo disadisa ara-toekarena, ara-bola sy ara-ketra mifandray amin'ny toe-draharaha ara-politika tamin'ny fiafaran'ny Rafitra teteza-mita tamin'ny taona 2002 ho an'ny fampihavanana no antom-pisian'io Fitsarana Manokana io dia ny fametrahana rafitra mpanelanelanana ireo andaniny voakasika izay eo ambany fiahian'ny Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy no vaha-olana mety sy mahomby tokony apetraka fa tsy rafi-pitsarana manokana.

Satria tsy misy fepetra miantoka ny tsy fiandaniany dia mety hampanahy ny didim-pitsarana avoakan'io Fitsarana manokana io izay nomena fahefana tafahoatra loatra amin'izao fotoana izao ka mety hampitombo indray ny tsy fahatokisana hananan'ny olona amin'ny fitsarana izay efa misongadina eto amin'ny firenena.

Noho ireo antony ireo sy mba hisian'ny fifampidinihina misokatra amin'ireo mpiantsehatra rehetra mba hahafahana mamaritra ny tena antom-pisiana marim-pototr'io volavolan-dalàna io, izay mbola tsy nisy hatreto, dia mangataka ny hanesorana io volavolan-dalàna io ao amin'ny fandaharam-pivorian'ny parlementa izay mandeha amin'izao fotoana izao ny firaisamonimpirenena manao sonia izao fanambarana izao.

Antananarivo, 29 Jona 2016

*Ireo firaisamonimpirenena manao sonia ity fanambarana ity dia ao anatin'ny Hetsika ROHY ary ny Mpiaramiombon'antoka aminy (Transparency International InitiativeMadagascar TI IM , ONG IVORARY, AIFM)*

**TI IM, ONG IVORARY, AVG, MSIS TATAO, KMF/CNOE, OPTA, GTZ-IHOSY, CCOC, PFNOSCM, CNPFDH, ONG SAHA, CNFM, MALAGASY ENVIRONNEMENT, ONG RAVINTSARA, VMLF ANALAMANGA, SIF, FIANTSO , CITE, TAFO MIHAAVO, RESEAU SOA , SAF /FJKM, AIFM, FTMF,TNMF, PSBED, MIFAMA, ACA-MADA, MAMIFA, ILONTSERA**